Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

ILAY VEHIVAVY AZO NIJANGAJANGA
Jaona 8, 1-11

1) Ireo tsara ho fantatra (contexte)

1.1.Mahakasika ny Filazantsara araka an'i Jaona

Tsara ny mampahatsiaro antsika fa miavaka amin'ireo Filazantsara synoptika ny Filazantsara araka an'i Jaona. Ny Filazantsara synoptika moa dia ny Matio, Marka, Lioka. Mitantara ny fiainan'i Jesoa mandritra ny 3 taona ny Filazantsara araka an'i Jaona. Ny Filazantsara 3 voalohany kosa, izay ambara hoe Filazantsara Synoptika dia mitantara ny fiainan'i Jesoa tao anatin'ny herintaona monja. Raha tsy nisy ny Filazantsara araka an'i Jaona, dia noheverina fa enim-bolana monja no faharetan'ny asa fanompoan'i Jesoa. Saingy noho ny fitantaran'i Jaona ireo fetin'ny Paska anankitelo no nahafahana nilaza fa naharitra 3 taona ny asa fanompoan'i Jesoa. Saika voantantara betsaka sy mibahana ao amin'ny Filazantsara araka an'i Jaona ny fintantarana izay nataon'i Jesoa tao Jerosalema, noho izay nataony tany Galilia. Mao ireo zavatra tantarain'i Jaona izay tsy tantarain'i Matio na i Marka na i Lioka. Ohatra : Ilay fampakaram-bady tao Kana, izay i Jaona ihany no mitantra azy. Ny nanasitranan'i Jesoa ilay lehilahy teraka jamba ; ny nananganan'i Jesoa an'i Lazarosy tamin'ny maty, izay i Jaona ihany no mitantara izany. Ny nanasan'i Jesoa ny tongotry ny mpianany, sy ny sisa. Anisan'izany ny tantaran'ity vehivavy azo nijangajanga ity, izay i Jaona irery ihany no mitantara azy ka tsy hita na ao amin'ny Matio na Marka na Lioka. Tsara ihany koa ny ahafantarantsika fa teo anelanelan'ny taona 90-100 no nanoratana ny Filazantsara araka an'i Jaona ary tany Efesosy no toerana nanoratana azy.

Rehefa mamaky ny toko 7 isika, dia hahafantatra fa avy any Galilia i Jesoa no niakatra ho any Jerosalema hamonjy ny andro firavoravoana, dia ny amin'ny tabernakely (Jaona 7,2). Ny « Soukkot » na « fêtes des cabanes » na koa antsoina hoe « fête des Tabernacles ou des Tentes » na fetin'ny tabernakely hoy ny Baiboly malagasy, dia fety hahatsiarovana ny

nivoahan’ny zanak’Israely tany Egypta, ny nivezivezeny tany anefitra nandritra ny 40 taona ka nitoerana tamin’ny tranolay. Mandritra ny lohataona no hanatanterahana io andro firavoravoana iray io izay maharitra herinandro ny fankalazana azy. Nisalasala ny hiakatra ho any Jerosalema hamonjy io fety io Jesoa, satria fantany ny loza mananontanona miandry Azy any. Saingy namporisika Azy ho any ny rahalahiny satria io no fotoana mahabetsaka ny olona ao Jerosalema mba ahafahany mampahafantatra ny tenany. Niakatra ho any Jerosalema ihany i Jesoa saingy niafinafina, satria mbola tsy tonga ny fotoanany, araka ny fanazavany. Rehefa nisasaka anefa ny andro firavoravoana dia niseho vahoaka tamin’izay i Jesoa nampianatra. Nitady ny fomba rehetra ahafahana misambotra an’i Jesoa ireo mpanora-dalàna sy Fariseo fa tsy nahita.

Raha ny fanazavana ataon’ny mpanoratra ny Filazantsara araka an’i Jaona, izay tsy iza fa ny Apostoly Jaona, zanak’i Zebedio, ny tontolo andro i Jesoa dia mampianantra ny vahoaka eo amin’ny Tempoly fa ny alina kosa Izy mankany amin’ny tendrombohitra Oliva, miala sasatra, matory. Vao maraina ny andro dia efa vahoaka maro no tonga eo ankianjan’ny Tempoly vonona hihaino ny fampianarany. Tao anatin’izay fampianarany izay indrindra no tonga ireo Mpanora-dalàna sy Fariseo nitondra vehivavy iray azo nijangajanga, nentiny teo amin’i Jesoa. Hoy ny voalazan’ny **and.3-6 :** ***« Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; ary rehefa napetrany teo afovoany izy, dia hoy ireo taminy: Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olan-tanana nijangajanga. Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24); fa ahoana kosa hoy Hianao? Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. »***

1.2. Ny lalàna ny amin’ny fijangajangana araka ny Testamenta Taloha

Izay lehibe indrindra amin’ireny dia izay voalaza ao amin’ny didy folo. Hoy ny didy faha 7 : ***« Aza mijangajanga. » (Eksodosy 20:14)***. Raha halalinina ireo lalàna ao amin’ny Testamenta Taloha mahakasika ny fijangajangana dia ny firaisana ara-nofo amin’ny vehivavy efa manambady ihany no mahavoasazy (La condamnation de l'adultère n'est fait que dans le cas d'une femme marié, c'est-à-dire d'une femme appartenant à un homme) Ohatra vitsivitsy ireto. Hoy ny voalaza ao amin’ny Levitikosy : ***« Ary ny lehilahy mijangajanga amin'ny***

vadin'olona, dia izay mijangajanga amin'ny vadin'ny namany, hatao maty tokoa, na ny mila, na ny ilainy. » (Levitikosy 20:10). Mazava izay voalaza eto fa ny lehilahy miray amin'ny vehivavy efa vadin'olona no meloka ka hampiharana ny sazy famonoana. Izany hoe tsy azo heverina ho mijanganjanga izany ny lehilahy iray na dia efa manambady aza, raha toa ka miaraka amin'ny vehivavy hafa tsy mbola vadin'olona. Hoy koa izay voalaza ao amin'ny bokin'ny Deoteronomia : ***« Raha misy lehilahy azo mandry amim-behivavy vadin'olona, dia samy hatao maty izy roroa, na ralehilahy izay nandry tamin-dravehivavy, na ravehivavy koa; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin'ny Isiraely ny fanao ratsy. » (Deotoronomia 22:22)*** Ny lehilahy mandry amin'ny vehivavy efa vadin'olona no meloka ka fongorana. Fa tsy meloka izy raha toa ka tsy mbola vadin'olona ilay nandriany. Hoy izay voalaza eo amin'ny andininy manaraka : ***« Raha misy zazavavy virijina voafofo ho vadin'olona, ary misy lehilahy mahita azy eo an-tanàna ka mandry aminy, dia ho entinareo mivoaka ho eo amin'ny vavahadin'izany tanàna izany izy roroa ka hotorahanareo vato ho faty: razazavavy moa, satria tsy niantso, nefa tao an-tanàna ihany; ary ralehilahy koa, satria nandry tamin'ny vadin'ny namany; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. Fa raha any an-tsaha kosa no ahitan-dralehilahy an-drazazavavy voafofo ho vadin'olona, ary misavika azy ralehilahy ka mandry aminy, dia ralehilahy izay nandry taminy ihany no hatao maty. » (Deotoronomia 22:23-25)*** Na dia mbola fofom-bady fotsiny aza no ananan'ilay vehivavy ka mandry aminy ny lehilahy iray hafa dia efa meloka ka mendrika hovonoina hotoraham-bato.

1.3.Famaritana ny atao hoe fijangajangana

Mazava kokoa ny famaritan'ny Dictionnaire de l'ABBAYE DE MAREDSOUS : *« Araka ny Testamenta Taloha, ny fijangajangana amin'ny dikany ara-bakiteny dia manondro, andaniny ny fitondran-tena ratsy ataon'ny vehivavy manambady, ary ankilany, ny firaisana ara-nofo ivelan'ny tokantrano ataon'ny lehilahy iray amin'ny vehivavy efa manan-bady na manana fofom-bady, fa tsy amin'ny vehivavy mbola tsy manam-bady na maty vady na nisara-bady. »*
(Dans l'AT, l'adultère au sens propre désigne d'une part, l'inconduite de la femme mariée, - peu importe que le mariage ait été consommé ou non, - et, d'autre part, les relations extraconjugales d'un homme avec une femme mariée, non avec une femme non-mariée, veuve ou divorcée.) [***Dictionnaire encyclopédique de la Bible (DEB) BREPOLS, troisième édition revue et augmentée, publié sous la direction du centre : informatique et Bible, ABBAYE DE***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

MAREDSOUS, définition de adultère] Hoy ny famaritan'ny Dictionnaire de Geoffrey Wigoder : *« Ny fijangajangana dia firaisana ara-nofo antsitra-po ataon'ny vehivavy iray efa manam-bady na efa manana fofom-bady amin'ny lehilahy hafa ankoatry ny vadiny. »* Araka izany dia miainga amin'ny vehivavy sy miankina amin'ny vehivavy ny maha fijangajangana na tsy maha fijangajangana ilay firaisana ara-nofo. Raha mbola tsy manam-bady ilay vehivavy dia tsy fijangajangana ilay firaisna ara-nofo ; fa rehefa manam-bady kosa ilay vehivavy dia tonga fijangajangana ilay firaisan ara-nofo.

2) Famakafakana

Raha te hahazo tsara izay tian'ny Tenin'Andriamanitra hampitaina eto dia mila fantarina tsara aloha izay ao ambadik'ity tantara ity. Raha nitondra ity vehivavy azo nijangajanga ho eo amin'i Jesoa ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto, ny tanjony dia ny hamandrika an'i Jesoa, hitadiavana ny fomba ho entina miampanga an'i Jesoa ka hisamborana azy. Any ny fototra. Andinin-tsoratra Masina fototra araka izany ny and.6 : ***« Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. » (Jaona 8:6)*** Fomba iray ho entina mamandrika an'i Jesoa nitondrana ity vehivavy azo nijangajanga ity.

2.1. Fandrika voalohany

Araka izay efa nambara teo aloha, ny lalàna dia milaza hoe : ***« Raha misy lehilahy azo mandry amim-behivavy vadin'olona, dia samy hatao maty izy roroa, na ralehilahy izay nandry tamin-dravehivavy, na ravehivavy koa; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin'ny Isiraely ny fanao ratsy. » (Deotoronomia 22:22,)*** izany hoe, ilay lehilahy sy ilay vehivavy no tokony ho vonoina miaraka. Hitantsika eto amin'ity tantara ity anefa fa ilay vehivavy irery ihany no nentina teo. Aiza ilay lehilahy nandry tamin'ilay vehivavy ? Tsy hita. Fandrika voalohany natao tamin'i Jesoa io. Diso teo anoloan'i lalàna Jiosy i Jesoa raha avy hatrany dia dia niteny hoe : ny lalàna tokoa dia milaza fa hotoraham-bato izay vehivavy azo nijangajanga, ka io àry toraho vato io vehivavy io araka ny lalàna. Tsy azo atao ny mamono ilay vehivavy fotsiny fa tsy maintsy vonoina miaraka ilay vehivavy sy ilay lehilahy nijangajanga. Azo lazaina fa lalàna diso no nentin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto teo amin'i Jesoa : ***« Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy***

izany (Deo. 22. 22-24); fa ahoana kosa hoy Hianao?» (Jaona 8:5) Raha ny voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy anefa raha io Deoteronomia 22,22 nambaran'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo ireo dia izao : ***« Raha misy lehilahy azo mandry amim-behivavy vadin'olona, dia samy hatao maty izy roroa, na ralehilahy izay nandry tamin-dravehivavy, na ravehivavy koa; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin'ny Isiraely ny fanao ratsy. » (Deotoronomia 22:22)*** Mazava tsara izay voasoratra eto : Samy hatao maty izy roroa. Dia novain'izy ireo izany ka nataony hoe : ***« fa hotorahm-bato izay vehivavy manao toy izany »***. Fomba fiadin'ny devoly hatramin'ny voalohany mihitsy io manova ny Tenin'Andriamanitra io mba ho entina mamandrika sy mamitaka. Tsaroantsika tsara ny Tenin'Andriamanitra tamin'i Adama : ***« Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hæ: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao. » (Genesisy 2:16-17)*** Novain'ny devoly izany Tenin'Andriamanitra izany ka nataony hoe : ***« Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! efa nataon'Andriamanitra hæ: Aza ihinananareo ny hazo rehetra amin'ny saha?...Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory ianareo; » (Genesisy 3:1.4)*** Noheverin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto fa tsy mahay ny lalàn'i Mosey i Jesoa ka ho azo fitahina mora foana ; lalàna diso no nambarany tamin'i Jesoa ; lalàna nisy nanesorana no notanisainy tamin'i Jesoa. Tsy azo atao ny mitora-bato io vehivavy io raha tsy eo ilay lehilahy nijangajanga niaraka taminy. Izay no voasoratry ny lalàn'ny Mosesy. Raha nanome alalana hitora-bato ilay vehivavy i Jesoa kanefa ilay lehilahy tsy eo dia mandika ny lalàn'i Mosesy i Jesoa ka azo samborina sy helohina. Dia toy izany koa, raha namela ilay vehivavy handeha i Jesoa dia mandika ny lalàn'i Mosesy ihany koa satria ny lalàn'i Mosesy dia milaza fa hovonoina ny lehilahy sy ny vehivavy manao izany fomba ratsy izany. Tsy tratry ny velam-pandrika voalohan'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto i Jesoa teto.

Fomba fiadin'ny devoly mandraka ankehitriny, ry havana, io manova sy mamadika ny Tenin'Andriamanitra io.

2.2. Fandrika faharoa

Hoy izay volaza eo amin'ny and.7 : ***« Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hæ: Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany.»*** Eto dia mbola nasehon'i Jesoa indray fa mahafehy tsara ny lalàn'i Mosesy Izy. Ny lalàn'i Mosesy dia milaza fa raha misy heloka tokony hahazoana fanamelohan ho faty, dia tsy maintsy mila vavolombelona. Ireo vavolombelona ireo no mitora-bato voalohany ilay olona voaheloka ho faty, ary aorian'izay vao mitora-bato ny olona rehetra. Hoy izay voalaza ao amin'ny **Deoteronomia 17,7 :** ***« Ny tanan'ny vavolombelona no ho voalohany hamono azy, dia vao ny tanan'ny vahoaka rehetra; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. »*** Ny fandrika faharoa eto dia ity : Raha ny lalàn'i Mosesy no jerena dia tsy fitoraham-bato mihitsy no famonoana tokony hatao amin'ity vehivavy azo nijangajnaga ity. Tsy tahotra tsy henatra anefa dia sahin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto no miteny amin'i Jesoa hoe : ***« Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24); fa ahoana kosa hoy Hianao?]» (Jaona 8:5)*** Ny lalàn'i Mosesy dia milaza mazava hoe : ***« Ary ny lehilahy mijangajanga amin'ny vadin'olona, dia izay mijangajanga amin'ny vadin'ny namany, hatao maty tokoa, na ny mila, na ny ilainy. » (Levitikosy 20:10).*** Tsy misy filazana mihitsy ao hoe « hotoraham-bato ». Voalaza fotsiny eto hoe « hatao maty tokoa ». Izany hoe, tsy notenenina mazava eto ny fomba hamonoana izay azo nijangajanga. Araka ny fomba Jiosy, rehefa tsy voalaza mazava ao amin'ny lalàna ny fomba hamonoana ilay voaheloka ho faty, amin'ny ankapobeny dia amin'ny alalan'ny fanakendana (strangulation, étranglement) no hamonoana azy. Ny lalàn'i Mosesy, ohatra dia milaza hoe : ***« Raha misy lehilahy azo mandry amim-behivavy vadin'olona, dia samy hatao maty izy roroa, na ralehilahy izay nandry tamin-dravehivavy, na ravehivavy koa; ka dia hofongoranao tsy ho eo amin'ny Isiraely ny fanao ratsy. » (Deotoronomia 22:22)*** Tsy voalaza eo ny fomba hamonoana azy roa. Ary rehefa tsy voalaza mazava izany dia amin'ny alalan'ny fanakendana no hamonoana azy ireo. Raha eo amin'ny resaka fijangajangana, dia antony 2 ihany ao amin'ny lalàn'i Mosesy no hamonoana olona amin'ny alalan'ny fitoraham-bato. Ny antony voalohany : Zatovovay virijiny (jeune fille vierge) nijangajanga tao an-tranon-drainy. Hoy ny voalaza ao amin'ny **Deoteronomia 22, 20-21 :** ***« Fa raha marina kosa izany lazainy izany, ka tsy hita ny famantarana an-drazazavavy ho virijina, dia ho entiny mivoaka ho eo anoloan'ny varavaran'ny tranon-drainy razazavavy ka hotorahan'ny***

mponina amin'ny tanànany vato ho faty, satria nanao izay fady indrindra teo amin'ny Isiraely izy ka nijangajanga tao an-tranon-drainy; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. » Antony faharoa hamonoana olona azo nijangajanga amin'ny fitoraham-bato : zatovovay virijiny (jeune fille vierge) efa fofom-badin'olona, nandry tamina lehilahy iray atsitra-po, tsy niantso vonjy. Hotoraham-bato izy roroa. Hoy izay voalaza ao amin'ny **Deoteronomia 22, 23-24 :** ***« Raha misy zazavavy virijina voafofo ho vadin'olona, ary misy lehilahy mahita azy eo an-tanàna ka mandry aminy, dia ho entinareo mivoaka ho eo amin'ny vavahadin'izany tanàna izany izy roroa ka hotorahanareo vato ho faty: razazavavy moa, satria tsy niantso, nefa tao an-tanàna ihany; ary ralehilahy koa, satria nandry tamin'ny vadin'ny namany; ka dia hofongoranao tsy ho eo aminao ny fanao ratsy. »*** Raha zatovovavy virjiny voafofo ho vadin'olona izany no mijangajanga dia amin'ny alalan'ny fitoraham-bato no hamonoana azy roa, ary amin'izay ihany. Raha tsy zatovovavy virijiny izany no azo mijangajanga dia tsy amin'ny alalan'ny fitoraham-bato no hamonoana azy. Ny fanontaniana mipetraka dia izao : Ity vehivavy azo nijangajanga nentina teo amin'i Jesoa ity ve zatovovavy virjiny sa tsia ? Ny teny grika eto dia mazava : «γυναῖκα » (gunaika), izay midika hoe « femme », na vehivavy fa tsy « fille » na zatovovavy. Araka izany, raha ny lalàn'i Mosesy dia tsy amin'ny alalan'ny fitoraham-bato mihitsy no tokony hamonoana ity vehivavy ity satria tsy tovovavy virijiny io nentina teo amin'i Jesoa io fa vehivavy efa tsy virijiny intsony. Koa inona no antony nitenen'ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto tamin'i Jesoa hoe : ***« Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24)***; fa ahoana kosa hoy Hianao?» Raha ny marina dia fantatr'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto tsara izany saingy niniany notenenina izany mba ho entiny mamandrika an'i Jesoa. Ny valinteny nandrasan'izy ireo tamin'i Jesoa dia izao : Torahy vato àry izy, araka ny lalàn'i Mosesy. Raha izay tokoa anefa no valin-tenin'i Jesoa dia tafiditra tao anaty velam-pandriky ry zareo i Jesoa satria tsy araka ny lalàn'i Mosesy izany. Raha miteny koa anefa i Jesoa hoe aza torahana vato izy, dia toy ny mamela ny mpijangajanga tsy hosaziana i Jesoa. Tsy araka izay noeritreretin'ireto mpanora-dalàna sy Fariseo ireto mihitsy ny valin-tenin'i Jesoa. Hoy ny valin-tenin'i Jesoa : ***« Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. » (Jaona 8:7)***

2.3. Fandrika fahatelo

Raha araka ny lalàn'i Moseesy, na ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto na i Jesoa dia tsy manana fahefana hanameloka io vehivavy io ho faty. Ny Synedriona (Sanhédrin) no rafitra faratampony teo amin'ny jiosy, mpanao lalàna (Assemblée legislative) sady fitsarana tampony (tribunal suprême), no afaka mitsara sy mamoaka didim-pitsarana fanamelohana ho faty. Tsiahivina fa 71 ny olona mandrafitra ny synedriona, izay nalaina tahaka tamin'ireo loholona 70 nanampy an'i Mosesy fahizay tamin'ny fitondrana ny Zanak'Israely, araka izay hita ao amin'ny Nomery 11, 16sns. Amin'ireo olona 71 mandrafitr ny Synedriona ireo, 23 mpisorona (Gollege des prêtres), 23 mpanora-dalàna (College des Scribes), ary 23 loholona (Classe des Anciens). Miampy ny Filohany, izay ny mpisoronabe sy ireo mpanampy ny Filoha anankiroa. Tamin'ny andron'i Jesoa dia nanana fahefana malalaka ny Synedriona : miandraikitra ny raharaha anatin'ny firenena jiosy ; afaka misambotra sy mitsara ary mamoaka didy hatramin'ny fanamelohana ho faty, saingy tsy afaka mampihantra ilay didim-pitsarana navoaka fa ny fanjakana romana no manana izay fahefana mampihantra ny didim-pitsarana navoaka izay. Voafetra ao Jodia ihany ny fahefan'ny Synedriona fa tsy tonga hatrany Galilia. Raha haka fanapahan-kevitra lehibe, tahaka ny fanamelohana olona iray, dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny 2/3 ny mpikambana ao amin'ny Synedriona..

Araka izany dia nofandrihan'ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto i Jesoa. Notereny an-kolaka i Jesoa hitsara ilay vehivavy azo nijangajanga. Notereny an-kolaka i Jesoa hanameloka na tsia ilay vehivavy : ***« Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotorahambato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24); fa ahoana kosa hoy Hianao?» (Jaona 8:5)*** Fantatr'izy ireo tsara anefa fa ny Synedriona no manana fahefana hanao izany fitsarana izany, ny Synedriona no manana fahefana hamoaka didim-pitsarana, nefa dia tereny an-kolaka i Jesoa haka ny toeran'ny Synedriona. Efa niandry fotsiny ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto izay valin-tenin'i Jesoa, ka raha vao nianan-kendry namoaka didim-pitsarana teo i Jesoa, dia azony nosamborina satria naka ny toeran'ny Synedriona. Tsy manana fahefana hitsara io vehivavy azo nijangajanga io i Jesoa. Hoy ny voalazao ao amin'ny bolin'ny lalàna : ***« Mifidiana mpitsara sy mpifehy ho anao ao an-tanànanao rehetra, izay omen'i Jehovah Andriamanitrao anao, araka ny firenenao; dia hitsara ny olona amin'ny fitsarana marina ireo. » (Deotoronomia 16:18)*** Hoy ny valin-tenin'i Jesoa : ***« Izay tsy nanota eo aminareo no***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

aoka hitora-bato azy voalohany. » (Jaona 8:7) Valinteny izay tsy noeritreretin'ireto namandrika ny Tompo ireto mihitsy. Dia rava teo ny tetika.

2.4. Fandrika fahaefatra

Araka ny nambara teo am-piandohana (araka ny contexte), dia mampianatra ny vahoaka eo ankianjan'ny Tempoly i Jesoa no tonga ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto nitondra ity vehivavy azo nijangajanga ity (Jaona 8,1-2) Ny lalàna Jiosy anefa dia milaza mazava fa tsy azo atao ny mamono olona ao anatin'ny faritry ny Tempoly. Hoy ny voalaza ao amin'ny **Nomery 15,35 :** ***« Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: Hatao maty tokoa izany lehilahy izany; hitora-bato azy eny ivelan'ny toby ny fiangonana rehetra. »*** Raha misy olona voaheloka ho faty amin'ny alalan'ny fitoraham-bato azy, dia tsy azo atao ao anatin'ny Fiangonana na ny Tempoly izany fa tsy maintsy any ivelany. Ireto olona nitondra ilay vehivavy azo nijangajanga ireto dia olona efa vonona amin'ny fitorahana vato an'ilay vehivavy. Raha nanontany izy ireo hoe : ***« Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24)***; ***fa ahoana kosa hoy Hianao? » (Jaona 8:5)*** Dia efa nivonona ho amin'izany fitoraham-bato izany izy ireo. Ny teny « eny » avy amin'i Jesoa fotsiny sisa no nandrasan'izy ireo dia raikitra ny fitorahana vato. Araka ny hitantsika eto, rehefa namaly i Jesoa hoe : ***« Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany» (Jaona 8:7)***, dia lasa tsikelikely ireo olona efa vonona hitora-bato ilay vehivavy ireo. Olona efa vonona amin'ny fitoraham-bato no manoloana an'i Jesoa. Raha sanatria nanome baiko tokoa i Jesoa hitora-bato ilay vehivavy azo nijangajanga, dia tompon'andraikitra voalohany tamin'izany izy, ary azo nosamborina tsara satria nanome alalana olona hamono olona ao anatin'ny faritry ny Tempoly. Efa tao anatin'ny velam-pandrika nataon'ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto avokoa izany. Tsy rakitra ny fitoraham-bato satria hoy ny voalaza eto : ***« Ary raha nandre izany izy, dia nivoaka tsirairay hatramin'ny zokinjokiny ka hatramin'ny zandrinjandriny; ary Jesosy irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo.» (Jaona 8:9)*** Rava ny teti-dratsy nokasain-dry zareo hatao amin'i Jesoa. Tsy voatora-bato ilay vehivavy azo nijangajanga.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

2.5. Jesoa nanoratra teo amin'ny tany

Rehefa nanontanin'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo ireo i Jesoa hoe ity vehivavy ity dia azo nijangajanga, ary araka ny lalàn'ny Mosesy dia hotoraham-bato izay vehivavy manao izany. Ahoana kosa ny hevitrao ? Tsy namaly avy hatrany izany fanontaniana izany Izy fa niondrika nanoratra tamin'ny tany. Hoy ny voalaza eto : ***« Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany » (Jaona 8:6).*** Nandritra izay fotoana nanoratsoratan'i Jesoa tamin'ny tany izay dia tsy nitsahatra nanontany ani' Jesoa ireo olona ireo : Ahoana ny hevitrao ry Jesoa ? Hotorahanay vato ve izy ? Rehefa nifanesisesy nanao totoafo ny fanontanin'ireto olona ireto, dia nitraka indray i Jesoa dia niteny hoe : ***« Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany.» (Jaona 8:7) « Dia niondrika indray Izy ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany.» (Jaona 8:8).*** Ny fanontaniana tonga avy hatrany eo am-bavan'ny maro, indrindra fa ireo mpanao heviteny maro dia izao : Inona no nosoratan'i Jesoa tamin'io fotoana io ? Mizarazara ny ny hevittry ny mpandinika maro eto. Misy ireo milaza fa tsy soratra no nataon'i Jesoa eto fa sarisary. Misy mihitsy aza ireo sahy manazava fa sarina tetezana (pont) no nataon'i Jesoa teo. Asa tamin'ny fomba ahoana no ahafahany milaza izany. Tsy hiditra amin'ireo fanazavana sy adihevitra isan-karazany ny amin'izay mety ho soratra nataon'i Jesoa eto isika. Izao fanazavana izao kosa no maharesy lahatra anay. Nangina i Jesoa. Ary nandritra izay fotoana nampangina Azy izay no nanoratsoratany tamin'ny tany. Tsy ilay soratra nataony tamin'ny tany no zava-dehibe eto fa ilay fahanginany. Raha nisafidy ny hangina izy eto, na dia sesilany aza ny fanontaniana napetraka taminy, dia tsy midika ho fahatahorana, fa midika ho fampitoniana ilay tabataba, ilay fankahalana. Fomba fanaon'i Jesoa, rehefa eo anoloan'ny zava-tsarotra sy manahirana tahak izao ny mangina. Tsaroantsika tsara koa, ry havana, ny fahanginan'i Jesoa teo anoloan'i Pilato, raha niantsoantso ny vahoaka hoe : ***« Homboy amin'ny hazo fijaliana »***. Hoy izay voalaza ao amin'ny **Marka 15:4-5 :** ***« Ary Pilato dia nanontany Azy indray hæ: Tsy mety mamaly akory va Hianao? He! izao hamaroan'ny zavatra iampangany Anao izao! Fa Jesosy tsy namaly intsony, na dia indraim-bava akory aza, ka dia gaga Pilato. »*** Teo anoloan'ireo olona tezitra sy romotra, feno fankahalana, efa vonona amin'ny vato hitorahana an-dravehivavy, dia nisafidy ny hangina i Jesoa. Tsy mariky ny tahotra na faharesena izany fa fotoana ahafahan'ny herin'Andriamanitra miasa ao am-pon'ny olona.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

3) Hevi-panahy azo tsoahina

3.1.Diniho aloha ny tenanao

« Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. » (Jaona 8:7) Tsy nanakana ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto tsy hitsara sy tsy hitora-bato ilay vehivavy azo nijangajanga i Jesoa. Fa izay notsindrian'i Jesoa manokana kosa dia izao : Alohan'ny hitsaranao ny hafa, alohan'ny hitorahanao vato ny hafa, dia diniho aloha ny tenanao. Izay mihevitra ny tenany ho madio sy tsy manan-tsiny, tsy misy pentina ny fiainany, tsy nanota mihitsy, izay olona tsy misy tsiny izay no aoka handray vato voalohany ka hitora-bato io vehivavy io. Samy nandinika ny tenany daholo ireto olona vonona ny hitora-bato ity vehivavy ity. Ary rehefa samy nandinika ny tenany dia nahatsapa fa tsy nisy marina na dia iray aza, samy nahatsapa fa mpanota avokoa, samy nahatsapa fa tsy tanterka avokoa. Dia indro samy lasa tsikelikely ka tsy nisy sahy nitoraka vato an'ilay vehivavy, hatrami'ny kely ka hatramin'ny lehibe.

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, fahalemena mbola iainan'ny kristiana maro izany. Faly mijery ny hafa, faly mitsikera ny hafa, faly mitsara ny hafa, faly mitora-bato ny hafa fa ny tenany tsy hitany, ny fahalemeny tsy hitany, ny fahadisoany tsy hitany. Izany indrindra no nahatonga an'i Jesoa hiteny hoe : ***« Ary nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao, fa ny andry eo amin'ny masonao dia tsy mba tsaroanao? Ary ahoana no hilazanao amin'ny rahalahinao hæ: Aoka aho hanaisotra ny sombin-kazo eo amin'ny masonao; nefa, indro, ny andry eo amin'ny masonao? Ry mpihatsaravelatsihy, esory aloha ny andry eo amin'ny masonao, ary amin'izay vao ho hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao. » (Matio 7:3-5)*** Ny vatan-kazo be eo amin'ny masonao tsy hitanao, fa ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao no mahamay anao ny meteny azy sy mitsikera azy. Ny fahadisoana be ataonao tsy hitanao fa ny fahadisoana kely ataon'ny hafa hainao tsara ny mitsikera azy. Ry havana, mampianatra antsika i Jesoa, ny fandinihan-tena, ny fijerena ny tena no tokony hataon'ny kristiana voalohany fa tsy izay ataon'ny hafa. Tsy tora-bato no ilain'ny Tompo aminao fa fandinihan-tena. Hoy ny apostoly Paoly : ***« Diniho ny tenanareo, na mitœtra amin'ny finoana ianareo, na tsia; izahao tœtra ny tenanareo.» (2 Korintiana 13:5)***

Kristiana mandinin-tena no ilain'Andriamanitra fa tsy kristiana faly mitora-bato sy mitsara ary manakiana ny hafa.

3.2.Mahaiza manetry tena sy mandefitra

Araka ny fanazavana natao teo aloha, tsy dia ny hahafaty an'ity vehivavy ity loatra no tena tanjon'ireto Mpanora-dalàna sy Fariseo ireto. Izay ahafahana mamandrika sy misambotra an'i Jesoa no tena tanjon'izy ireo eto. Ity vehivavy ity dia fitaovana fotsiny ihany ho entina mamandrika ny Tompo. Toy ny olona manjono mampiasa kankana mba hahazoana ilay trondro be, dia tahaka izany no mintranga eto. I Jesoa no tahaka ny trotro tiana hojonoina, fa ilay vehivavy azo nijangajanga dia toy ny kankana ihany ho entiny mamandrika an'i Jesoa. Koa raha mikasa hitora-bato sy hamono hahafaty ilay vehivavy izy ireo, dia i Jesoa mihitsy no tena tiany hotorahana vato sy tiany hovonoina. Fitaovana fotsiny ihany ilay vehivavy.

Ry havana, tsarovy fa tsy maintsy misy ao anatin'ny Fiangonana ny tora-bato. Na Fiangonana aiza na Fiangonana aiza dia tsy maintsy misy ny mpitora-bato, tsy maintsy misy ireo olona mpitsikera fotsiny ny hataon'ny hafa, tsy maintsy misy foana ny mpanakiana fotsiny ny ataon'ny hafa. Mandra-piavin'i Jesoa eny amin'ny rahoan'ny lanitra dia tsy maintsy hisy foana ny mpitora-bato ao am-piangonana. Ireny ilay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra hoe « tsiparifary ». Hoy i Jesoa : ***« Ary rehefa naniry ny vary ka niteraka dia niposaka koa ny tsimparifary. Dia avy ny mpanompon-dralehilahy ka nanao taminy hæ: Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao? Koa avy taiza kosa ny tsimparifary? Dia hoy izy taminy: Fahavalo no nanao izany. Ary ny mpanompony nanao taminy hæ: Koa tianao va handehananay hanongotra sy hanangona azy? Fa hoy izy: Tsia, fandrao, raha manongotra ny tsimparifary ianareo, dia hongotanareo miaraka aminy koa ny vary. Aoka ihany hiara-maniry izy roroa ambara-pihavin'ny fararano; ary amin'ny fararano dia holazaiko amin'ny mpijinja hæ: Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany mba hodorana; fa ny vary dia taomy ho any an-tsompitro. » (Matio 13:26-30)*** Anisan'ny tsiparifary tsy maintsy misy ao anatin'ny Fiangonana mandra-piavin'ny Tompo ny mpitora-bato, ny mpanakiana sy ny mpitsikera. Ambara izany ry havako mba ahafahanao miomana. Miomàna ianao fa tsy maintsy ho avy ny fotoana hitorahan'ny olona vato anao ; ho avy ny fotoana hahazoanao fanakianana sy fitsikerana mamaivay na dia efa nanao ny asan'Andriamanitra tamin'ny fonao sy ny herinao manontolo aza ianao. Tsy ny fametraham-

pialana no vahaolana raha tojo tora-bato ianao amin'ny fanaovana ny aan'ny Tompo. Alao tahaka ny nataon'i Jesoa : **niondrika, nangina.** Na dia nanana ny rariny aza dia nangina. Mariky ny fanetren-tena sy fandeferana izany. Mahafinaritra ahy ny fomba fanazavan'ity teolojiana iray ity. Hoy izy : *« Les scribes et les pharisiens voulaient lancer une pierre sur la femme pour qu'elle rebondisse et atterrisse sur Jésus. Mais Jésus s'est baissé - baissé physiquement, et baissé théologiquement en refusant de répondre à leur énigme théologique - et comme il s'est baissé, la pierre est passée au dessus de sa tête. »* Mandefera, manetre tena tahaka an'i Jesoa eo anoloan'ny tora-bato, dia handalo eo ambony lohanao fotsiny ny vato atoraky ny fahavalonao. Aoka ianao hahay mangina eo anoloan'ny fanaratsiana sy ny fitsikerana anao dia tsy hampaninona anao ireny fitsikerana ireny. Hoy ny Soratra Masina : ***« Tsy mamaly ratsy ny ratsy, na fanaratsiana ny fanaratsiana; fa aoka hisaotra kosa, satria ho amin'izany no niantsoana anareo mba handova fitahiana. » (1 Petera 3:9)*** Tsy maintsy hisy hitora-bato ianao rahalahy, tsy maintsy hisy hitora-bato ianao ranabavy amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo. Fa tsy mahazo mamaly tora-bato amin'ireny torabato atao aminao ireny ianao ; tsy mahazo mamaly fanaratsiana amin'ireny fanaratsiana mahazo anao ireny ianao. Mba tsy hahavoa anao ireny tora-bato ireny ka handratra na hahafaty anao ara-panahy, dia mila miondrika ara-panahy ianao, mila manetry tena, mila mandefitra, mila mangina tahaka ny nataon'i Jesoa ianao. Hoy ny Apostoly Paoly : ***« Ary ankehitriny dia kilema aminareo ny anananareo ady amin'ny namanareo. Nahoana no tsy aleo mandefitra ny tsy rariny aza ianareo? Nahoana no tsy aleo maharitra hambakaina aza ianareo?» (1 Korintiana 6:7)*** Tsy fahalemena ny fandeferana ry rahalahy, tsy faharesena ny fanetren-tena ry ranabavy fa hery ho enti-mandresy ny tora-bato izany ; hery ho enti-mandresy ny fanaratsiana sy ny fanakianana izany. Andramo ny mangina eo anoloan'ny fanaratsiana sy ny fanakianana isan-karazany dia ho hitanao ny vokatra tsara ho azonao. ***« Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina. » (Eksodosy 14:14).***

3.3.Jesoa no Mpamonjy sy Mpanafaka

Asa raha azontsika sary aneritreritra izay niainan'ity vehivavy azo nijangajanga ity tao anatiny tao. Tsy maintsy efa masaka tao an-tsainy tao fa izao no ora farany. Tsy maintsy hotoraham-bato izy ary ho faty satria izay ny lalàna. Azo sary aneritreritra ny fomba nitondrana ilay vehivavy teny an-dalana ho eo amin'i Jesoa : notaritarihana tamin'ny fomba

feno herisetra, notevatevaina, nanaovana teny henjana sy maharary. Noheverina ho toy izay olona faran'izay ratsy indrindra teo amin'ny fiaraha-monina. Azo sary aneritreritra koa ny fijerin'ny olona azy teny an-dalana nandalovany. Vehivavy tsy vanona, vehivavy ratsy fanahy. Raha tsorina dia vehivavy tsy nana-po ny ho velona intsony ity vehivavy ity. Izy rahaeo dia niaiky ny fahadisoany. Porofon'izany ny tsy nitenenany mihitsy nandritra ny fotoana rehetra. Niandry fotsiny izay fahafatesany. Vokatry ny tenin'i Jesoa tamin'ireo izay nikasa hitora-bato azy anefa dia lasa ireo ireo nikasa ny hamono azy. Afaka izy, voavonjy ny ainy. Hoy izay voalaza eto : ***« Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony. » (Jaona 8:10-11)*** Tsy hoe mankasitraka ny fijangajangana nataon'ity vehivavy ity i Jesoa raha miteny hoe : « Izaho koa dia tsy manameloka anao ». Tsia, Jesoa dia mahita tsara ny fon'ity vahivavy ity : mahita ny fony miaiky ny fahotany, ka ny tsy fitenenany mihitsy nandritra izao fisamborana azy izao dia fanekeny ny sazy hampiharina aminy satria mendrika azy izany. Hitan'i Jesoa izany fiekeny ny fahotany izany ka nahatonga ny Tompo hiteny hoe : « Izaho koa dia tsy manameloka anao. » Midika koa izany ny famelan-keloka avy amin'i Jesoa. Te hiteny i Jesoa eto hoe : Mamela heloka anao aho. Ho porofo fa tsy mankasitraka ny fijangajangana nataon'ity vehivavy ity ny Tompo, dia hoy izy eto : ***« Ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony. »*** Izany hoe, amin'ny androm-piainanao sisa rehetra dia aza mjangajnaga intsony, aza manao izay tsy ankasitrahan'Andriamanitra intsony. Voavonjy ilay vehivavy, tsy voavonjy ara-nofo ihany, ka tsy niharan'ny fahafatesana, fa indrindra koa voavonjy ara-panahy, afaka tamin'nu fangejan'ny otan'ny fijangajangana sady voavela heloka. Tsy iza no namonjy azy fa i Jesoa Kristy.

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, Jesoa Kristy irery ihany no afaka hamonjy sy hanafaka anao amin'ny fahotana. Noho izany raha te ho afaka amin'ny fangejan'ny fahotana ny olona iray dia tsy maintsy mitodika any amin'i Jesoa, mihaona manokana amin'i Jesoa tahaka ity vehivavy ity izay nihaona manokana tamin'i Jesoa rehefa lasa ireo niampanga azy. Mila miaiky ny fahotana aminy ary mandray Azy ao anatin'ny fo. Fa tsy misy ahazoaana famonjena afa-tsy amin'ny alalan'i Jesoa irery ihany. Hoy ny Soratra Masina : ***« Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin'ny fahatezerana, fa mba hahazo famonjena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika, » (1 Tesaloniana 5:9)***. Ry havana, ny olana goavana ao amin'ny Fiangonana dia izao : maro ny kritiana no manompo an'Andriamanitra

ao am-piangonana nefa mbola voagejan'ny fahotana isan-karazany, mbola tsy nandray an'i Jesoa Kristy tao am-pony. Nanontany mpanompon'Andriamanitra iray ny Mpitandrina iray : Ianao moa izao oviana no nateraka indray ? Nateraka indray ahoana Pasteur, hoy izy. Oviana ianao no nandray an'i Jesoa Kristy tao am-ponao ? Oviana ianao no niteny tamin'ny Tompo hoe : Jesosy ô, anio aho dia mandray anao ato am-poko ho Tompo sy mpanapaka ny fiainako rehetra ? Oviana ? Dia hoy ilay kristiana : Toa mbola tsy nisy fotoana nanaovako an'izany Pasteur a ! Maro, ry havana, ny kristiana no toy izany. Manompo an'Andriamanitra fotsiny fa mbola tsy tapaka tadi-poitra tamin'ny fahotana ; kristiana fotsiny fa mbola tsy nandray an'i Jesoa Kristy hamonjy azy amin'ny fahotana. Hany ka mbola tsy mahafoy ny fanao ratsin'izao tontolo izao. Mpanompon'Andriamanitra iray nijoro vavolombelona. Hoy izy : 20 taona mahery taorin'ny naha mpandray ny Fansan'ny Tompo azy izy vao nandray ny Tompo. 20 taona izy nanompo an'Andriamanitra fa mbola tamin'ny sainy sy ny fahalalany fotsiny no netiny nanompo ny Tompo. Na ny fiainany aza tamin'izany fotoana izany dia tahaka ny fiainan'ireo olona tsy kritiana ihany. Ny tombony fotsiny ho azy tamin'izany dia noho izy mankany am-pingonana mivavaka. Fa hafa tanteraka noho tamin'ny 20 taona lasa ny fiainany rehefa tena nandray an'i Jesoa Kristy tao am-pony izy. Tena tanteraka teo amin'ny fiainany tokoa ilay tenin'Andriamanitra hoe : ***« Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo. » (2 Korintiana 5:17)*** Sy ilay Tenin'Andriamanitra mano hoe : ***« Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo. » (Jaona 8:36)***

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, novonjen'i Jesoa Kristy sy nafahany tanteraka tamin'ny fijangajangana ity vehivavy azo nijangajanga ity. Tsy miova ny Tompontsika. Koa raha hainy ny nanafaka ity vehivavy ity tamin'ny fijanganjangana dia minoa fa hainy koa ny manafaka anao amin'ny fanagejan'ny fahotana anao. Na inona na inona fahotana mbola mangeja anao ankehitriny dia fantaro fa hain'i Jesoa ny manafaka anao amin'izany. Mety misy amintsika izay mandre ankehitriny no mbola voafatotry ny fijangajangana amin'izao fotoana izao. Te ho afaka nefa tsy tsy mety ho afaka. Atolory ny Tompo ny fonao. Mibebaha ary mandohalia mihitsy ianao isan'andro ka angataho ny Tompo hoe : Vonjeo aho ho afaka amin'izao fijangajangana ataoko izao. Fa hain'Andriamanitra ny mamonjy sy manafaka anao anao. Maro, ry havana, no tsy mbola mino fa hain'Andriamanitra ny mamonjy sy manafaka ny olona amin'ny fijangajangana. Izany indrindra no ampitaiko aminao ity fijoroana vavombelona ity izay nitranga tany Madagasikara. Samy mpandray ny Fanasan'ny Tompo izy

mivady. Samy mandeha mivavaka isaky ny Alahady, saingy fahazarana fotsiny ny mandeha any am-piangonana. Izany no nanazaran'ny ray aman-dreny fony fahakely dia tonga fahazarana. Fa nandalo fotoan-tsarotra ny tokantranon'izy mivady. Ramatoa nahatsiaro tsy afa-po tamin'ny fitiavan'ny rangahy vadiny. Rangahy kosa niahiahy ny vadiny ho manao sipa any ivelany na dia mbola tsy nisy an'izany aza tamin'ny voalohany. Niaraka tamin'ny vehivavy hafa rangahy. Toy izany koa ilay ramatoa vadiny. Nanomboka teo dia tsy nisy fiainana vanona tao amin'ny tokantranon-dry zareo. Ny zanany mianadahy no tena nizaka ny tsy eran'ny aina. Nisy fotoana efa nizotra ho amin'ny fisarahana ny tokantranon-dry zareo. Soa fa nisy izay mpanompona'Andriamanitra mpiandry izay, rehefa notantarain-dramatoa ny zava-nisy rehetra, dia niditra antsehatra nandamina ilay mpiandry. Ny nataony voalohany dia nivavaka nandritra ny fotoana naharitra ho an'io tokantrano io. Nampianatra ny Tenin'Andriamanitra azy 2 io mpanompon'Andriamanitra io. Nandresy lahatra azy roa handray an'i Jesoa ao am-po. Tsy mora ny nahatongavana tamin'izany fa amam-bolana maro taty aoriana dia dia tapa-kevitra izy mivady fa hibebaka hiala amin'ny fijangajangana, ary handray an'i Jesoa ao am-po. Nanomboka teo amin'ny fandraisan'izy ireo an'i Jesoa no nivadika tanteraka ny pejin'ny fiainan-tokantranony. Na ny zanak'izy ireo aza gaga taty aorina nahita ny fiovana tanteraka teo amin'ireo ray man-dreniny. Niala tamin'ny fijangajangana tanteraka. Tonga mpivady tena nifankatia, tonga mpivady nifampatoky, ary indrindra tonga tena mpanompon'Andriamanitra tsy amin'ny fahazarana fotsiny fa tena tonga fiainan'izy ireo mihitsy ny mivavaka. Ry havana, ny fototr'izany rehetra izany dia ny fandraisana an'i Jesoa mpamonjy tao am-pon'izy ireo. Raha tianao ny hamonjen'i Jesoa anao amin'ny finjangajangana dia dia raiso ao am-ponao Izy, raiso Izy hanjaka eo amin'ny fiainanao. Fa tahaka ny nanafahany an'ity vehivavy ity tamin'ny fijangajangana no hanafahany anao amin'ny fijangajangana. Satria ***« Jesosy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. » (Hebreo 13:8).***

Fehiny

Miha mahazo vahana ny fijangajangana eo amin'ny fiaraha-monina ankehitriny, eny fa na dia ao anatin'ny Fiangonana aza indrisy. Tokana anefa ny vahaolana dia i Jesoa Kristy. Jesoa irery no afaka hamonjy sy hanavotra ny olona amin'ny fangejan'ny fijangajangana. Ary izay manana an'i Jesoa ao am-po sy manao ny sitrapony dia tsy tafalatsaka mihitsy ao anatin'ny fijangajangana velively. Ko anio miteny aminao ny Tompo : ***« Anaka, atolory ahy ny fonao, Ary aoka ny masonao ho faly mijery ny lalako.» (Ohabolana 23:26)*** Amena.

SOLI DEO GLORIA

RANDRIAMANANTSOA Zozo, Mpitandrina

Nice, faha 18 Janoary 2017

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.